TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA

# ECONOMIE et FINANCES Newsletter

www.mef.gov.mg




ÉDITION SPÉCIALE

# Focus sur l’Assemblée Générale des Actionnaires de l’Africa50

MADAGASCAR 2024

MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES
TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA
MEF




# Africa50 : Focus sur Madagascar

Madagascar a accueilli le 19 septembre 2024 l'Assemblée Générale des Actionnaires de l'Africa50 composée de représentants de 32 pays, de 3 banques dont la Banque Africaine de Développement (BAD), la Banque Centrale des Etats de l'Afrique de l'ouest (BCEAO) et la Banque Al Maghrib. Des investisseurs aussi bien étrangers que nationaux ont également participé aux différentes réunions organisées dans le cadre de cette assemblée.

Une grande première pour la Grande Ile qui, comme tous les pays d'Afrique, doit encore relever d'importants défis pour arriver aux objectifs de développement portés par le Président de la République de Madagascar, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA malgré les performances économiques déjà enregistrées ces dernières années.

Le thème choisi pour cet évènement qui est concentré sur l'énergie et la transition énergétique est capital pour Madagascar selon le Ministre de l'Economie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON dans son discours d'ouverture : « *Trouver des investisseurs pour nous aider à exploiter les capacités naturelles de nos pays renforcera le deuxième pilier de la Politique Générale de l'Etat qui vise la transformation économique de la Grande Ile.* »

Dans les prochaines lignes, nous vous proposons le résumé des évènements qui se sont succédés durant cette journée. Bonne lecture !



## Madagasikara sy ny Africa50

Fotoana manan-danja ho an'i Madagasikara ny nampiantranoany ny Fivoriam-ben'ireo mpampiasa vola ao amin'ny Africa50 izay ivondronan'ny Firenena miisa 32 sy Banky telo lehibe dia ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (BAD), ny Banky Foiben'ny Fanjakana Afrikanina Andrefana (BCEAO), ny Banky Al Maghrib ary ireo mpampiasa vola avy any ivelany sy eto an-toerana.

Manao ezaka lehibe i Madagasikara amin'ny hahatrarana ny vina sy ny tanjon'ny fampandrosoana napetraky ny Filohan'ny Repoblika, Andry RAJOELINA.

Nasongadina tamin'ity ny sehatry ny angovo sy ny fiovàna ho amin'ny angovo madio izay tena manan-danja ho an'i Madagasikara, araka ny tenin'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, tamin'ny lahateniny fanokafana : « *Ny fitadiavana mpampiasa vola dia hanampy antsika hitrandraka ny fahaiza-manaon'ny firenentsika ka hanamafy ny andry lehibe faharoa amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana , mikendry ny fanovana ara-toekarena eto Madagasikara.* »

Fintinina aminao ao amin'ny andalana manaraka ny fizotran'ny hetsika nandritra io andro io. Mamakia Finaritra!

# Investir dans les infrastructures pour un développement durable et inclusif



SEM Andry RAJOELINA
*Président de la République de Madagascar*

L'Assemblée Générale d'Africa50 met en lumière les défis actuels liés au financement et à la réalisation de projets structurants, particulièrement dans les secteurs des énergies renouvelables, des infrastructures de transport, des télécommunications et de la santé. Africa50, en tant que plateforme panafricaine d'investissement en infrastructures, joue un rôle majeur dans la mobilisation des capitaux publics et privés nécessaires pour accélérer la croissance économique en Afrique.

En accueillant cette Assemblée, Madagascar épouse l'objectif de l'Africa50. En effet, dans son discours d'ouverture, le Président de la République de Madagascar, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA a martelé l'importance des investissements dans la réalisation des projets de développement tracés dans le Programme Général de l'Etat et affirme que : « *Madagascar a un potentiel exceptionnel pour devenir un modèle en matière de transition énergétique.* »

Parmi ces projets, il a cité l'exploitation des richesses naturelles et renouvelables de la Grande Ile telles que « l'hydroélectricité qui ne demande qu'à être exploités : Mahavolo (300MW extensible à 520 MW, Antentezambato (140MW), Sahofika (192 MW extensible à 300M, et Volobe (120 MW) ».

Le Numéro Un de Madagascar n'a pas non plus manqué de rappeler l'avantage du Continent Africain d'avoir plus de 60% de terre arable, encore inexploitée et une main d'œuvre jeune qui sont des potentiels inestimables en matière de développement.

Ainsi, comme Madagascar qui fait partie intégrante du continent, l'Afrique est riche en ressources naturelles et dispose d'un potentiel immense pour devenir un acteur mondial clé dans la production d'énergies propres. L'objectif est de promouvoir des solutions énergétiques respectueuses de l'environnement, tout en assurant un accès plus large à l'énergie pour les populations rurales et urbaines.

## Fampiasam-bola amin'ny fotodrafitrasa ho fampandrosoana maharitra sy iraisan'ny rehetra

Manasongadina ireo fanamby mifandray amin'ny famatsiam-bola sy ny fanatanterahana ny tetikasa mandrafitra azy ny fihaonam-ben'ny Africa50 izay notanterahana teto Antananarivo ny 19 septambra lasa teo. Niompana indrindra tamin'ny sehatry ny angovo azo havaozina, ny fotodrafitrasa fitaterana, ny fifandraisan-davitra ary ny fahasalamana izany tamin'ity taona ity. Amin'ny maha-sehatra fampiasam-bola panafrikana azy, ny Africa50 dia mitana anjara toerana lehibe amin'ny fampiasana ny renivola ho an'ny sehatra miankina sy tsy miankina, hampiroboroboana ny toekarena eto Afrika.

Nandritra ny lahateny fanokafana ny Africa50 nataon'ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa Andry RAJOELINA, dia nanamafy ny maha zava-dehibe ny fampiasam-bola amin'ny fampiasam-bola amin'ny tetikasa fampandrosoana voasoritra ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izy ary manamafy fa: « *Afaka raisina ho modely eo amin'ny firosoana amin'ny fivadihana amin'ny fampiasana angovo azo havaozina i Madagasikara.* »

Anisan'ireny tetikasa ireny ny fitrandrahana ny harena voajanahary sy azo havaozina eto amintsika toy ny « hydroélectricité. Ohatra amin'izany ny ao Mahavolo (300MW azo itarina hatramin'ny 520 MW, Antentezambato (140MW), Sahofika (192 MW azo itarina hatramin'ny 300MW), ary Volobe (120 MW). »

Nohamafisin'ny Filoham-pirenenan'i Madagasikara ihany koa ny tombontsoa azon'ny kaontinanta afrikanina noho ny fananana tany azo volena maherin'ny 60%, mbola tsy voatrandraka, ary tanora maro izay afaka miasa izay tena sarobidy tokoa eo amin'ny lafiny fampandrosoana.

Toa an'i Afrika reniny dia manan-karena tokoa i Madagasikara. Manana harena voajanahary, ary manana ny akora fototra amin'ny famokarana angovo madio. Ny tanjona dia ny hisian'ny vahaolana maharitra mahakasika ny angovo mitsinjo ny tontolo iainana, ary ahafahan'ireo mponina ambanivohitra sy an-tanàn-dehibe misitraka malalaka kokoa izany angovo izany.



1

# Plusieurs séries de signatures ont été effectuées en marge de l'Assemblée Générale des Actionnaires de l'Africa50

Parmi elles :

1. Une « lettre de soutien » de l'Union Européenne exprimant son intérêt envers le projet VOLOBE adressée au Gouvernement de Madagascar, signée conjointement par le Ministre de l'Économie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON et Monsieur Rolland KOBIA, Ambassadeur de l'Union Européenne à Madagascar.

2. Un accord de subvention d'un montant de 2 millions USD entre la US International Development Finance Corporation (DFC) et Madagascar représentés par Messieurs Christopher WALKER, Vice-président adjoint pour la politique de développement de la DFC et Rémy HUBER, Directeur Général CGHV qui est en charge de la réalisation du projet VOLOBE. Ladite cérémonie a été assistée par Madame Lena Militisi, conseillère juridique principale chez Africa50.




2

## Ankoatra ireo fivoriana notanterahina teny Ivato dia nisy ihany koa ireo karazana fifanaovan-tsonia teo amin'ny fanjakana malagasy sy ireo mpampiasa vola.

Isan'izany ny :

1. « Taratasin'ny Vondrona Eoropeana ho an'ny Governemanta Malagasy, maneho ny fahavononany hanohana ny tetikasa VOLOBE » nosoniavin-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, solotenan'ny Governemanta Malagasy sy Andriamatoa Rolland KOBIA, Masoivohon'ny Vondrona Eoropeana eto Madagasikara.

2. Ny fifanarahana famatsiam-bola mitentina 2 tapitrisa dolara teo amin'ny US International Development Finance Corporation (DFC) sy Madagasikara tamin'ny alalan' Andriamatoa Christopher Walker, Filoha lefitra mpanampy amin'ny politikam-pampandrosoana ao amin'ny DFC sy Tale Jeneralin'ny orinasa CGHV izay miandraikitra ny tetikasa VOLOBE. Ny fotoana dia natrehan-dRamatoa Lena Militisi, mpanolontsaina momba ny lalàna ny Africa50.



3

3. L'accord de prêt « *Clean Cooking Loan* » entre le Fonds OPEP et le Gouvernement de Madagascar, ainsi qu'Africa50 qui promeut l'utilisation de méthodes de cuisson propres améliorées à Madagascar en développant les infrastructures et les technologies appropriées. Ce projet sera sous la tutelle du Ministère de l'Energie et des Hydrocarbures. Les parties signataires étaient représentées par le Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures, Monsieur Olivier JEAN BAPTISTE, le Directeur de l'Afrique de l'Est et du Sud, Opérations du secteur public du Fonds OPEP, Monsieur Khaled AL-ZAYER, le Directeur Général de l'Africa50, Monsieur Alain EBOBISSE, et le Vice-Président « Power, Energy, Climate and Green Growth » de la Banque Africaine de Développement, Monsieur Kevin KARIUKI.

4. Une autre cérémonie de signature de coopération entre le Gouvernement de Madagascar et l'OFID sur le Projet d'aménagement de corridors et de facilitation du commerce et des investissements entre Madagascar et les pays de la COMESA et de l'Océan Indien a également été organisée le 19 septembre 2024. Respectivement représenté par le Ministre de l'Economie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON et le Directeur de l'Afrique de l'Est et du Sud, Opérations du secteur public du Fonds OPEP, Monsieur Khaled AL-ZAYER, ce projet vise à améliorer la connectivité des systèmes de transports notamment la connectivité de Madagascar avec l'Afrique Australe et celle avec Maurice, la Réunion et les Seychelles, tout en renforçant les échanges commerciaux, les investissements et le tourisme pour contribuer à la promotion de l'intégration régionale et en faire de Madagascar le grenier de l'Océan Indien.

4




3. « Prêt pour la cuisson propre (*Clean Cooking Loan*) » izay fifanarahampiaraha-miasa eo amin'ny Fonds OPEP sy ny Governemanta Malagasy, amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'afo, ary ny Africa50. Ity fifanarahana ity dia miompana amin'ny fanatsarana ny foto-drafitrasa sy ny teknolojia mahakasika ny fomba fandrahoana madio sy nohavaozina ho an'ny tokantrano malagasy.

Andriamatoa JEAN BAPTISTE Olivier, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo, Andriamatoa Khaled AL-ZAYER, Directeur de l'Afrique de l'Est et du Sud, Opérations du secteur public du Fonds OPEP, sy Andriamatoa Alain EBOBISSE, Tale Jeneralin'ny Africa50, ary Andriamatoa Kevin KARIUKI, Filoha Lefitrin'ny « Power, Energy, Climate and Green Growth » ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana, no niara-nanao sonia ity fifanarahana ity.

4. Fanaovan-tsonia ny fiaraha-miasa eo amin'ny Governemanta Malagasy sy ny Fonds OPEP momban'ny tetikasa fanajariana sy fanamorana ny varotra sy ny fampiasam-bola eo amin'i Madagasikara sy ireo firenena ao anatin'ny COMESA sy ny Ranomasimbe Indiana.

Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy Andriamatoa Khaled AL-ZAYER, Directeur de l'Afrique de l'Est et du Sud, Opérations du secteur public du Fonds OPEP, no nisolo tena ny roa tonta.

Ny tanjon'ity tetikasa ity dia ny fampivoarana ny fomba fitaterana mba hanatsarana ny fifandraisan'i Madagasikara amin'ny Afrika Atsimo, ny Nosy Maurice, La Réunion ary Seychelles. Ao anatin'izany koa ny fanamafisana ny fifanakalozana ara-bola, ny fampiasam-bola ary ny fizahan-tany mba hampiroboroboana ny fampiombonam-paritra sy hahatonga an'i Madagasikara ho sompitry ny Ranomasimbe Indiana.







# Projet VOLOBE
## Une centrale hydroélectrique de 120 MW
## ...un levier de croissance inestimable



Le secteur de l'Energie est une des conditions sine qua non d'un réel développement économique. Et le Gouvernement actuel, sous l'impulsion du Président de la République, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA, entend bien le réaliser en remettant à flot l'entreprise JIRAMA qui, depuis des décennies, absorbe une grande partie des fonds publics qui devraient plutôt servir à d'autres projets socio-économiques « impératifs ».

Parmi les plus grands projets en matière d'énergie à Madagascar, et même en Afrique, figure la future centrale hydroélectrique de VOLOBE, située à environ 30 km de Toamasina sur le fleuve Ivondro.

Estimée à 120MW de puissance, et prévue répondre aux besoins en électricité de près de 2 millions d'habitants, cette centrale, durant sa phase de construction permettra la création de 1 000 emplois directs.

Une fois opérationnelle, elle devrait accroître la capacité de production d'électricité du pays à 20%, et remplacera une dépense en diesel coûteuse et polluante, ce qui permettra à la JIRAMA de réaliser des économies de plus de 50 %.

En matière de coopération, ce projet illustre parfaitement le partenariat Public-Privé prôné par le Gouvernement actuel et promu dans les réunions internationales auxquelles Madagascar participe.



## Tetikasa Volobe : singa iray lehibe ho amin'ny fampandrosoana

Fepetra iray takiana amin'ny fampandrosoana firenena iray ny fisian'ny angovo ampy ho an'ireo mponina sy mpandraharaha ao aminy. Ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao, izay tarihan'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA dia manao ho laharam-pahamehana izany fampitomboana ny angovo enti-miasa eto amin'ny firenena izany ka isan'izany ny tetikasa Volobe izay fiaraha-miasa eo amin'ny Fanjakana Malagasy sy ny Sehatra tsy Miankina.

Ny reniranon'Ivondro, any amin'ny faritra atsinanan'i Madagasikara, no hametrahana ity tetikasa ity izay tombanana ho 120 MW ny tanjaky ny herinaratra azo avy aminy, ary maherin'ny 2 tapitrisa ny olona hisitraka azy.

Tanjona iray lehibe sy goavana ihany koa ny fanenàna ny fandaniana ara-bola izay lasa tsy miantsy ataon'ny fanjakana malagasy amin'ny fanampiana ny orinasa JIRAMA. Rehefa hiodina soa aman-tsara mantsy orinasa ity, dia hampitombo 20% ny famokarana herinaratra eto an-toerana ary hihena ho azy ny fandaniana amin'ny solika izay tena manimba ny tontolo iainana. Hitombo hatrany amin'ny 50% ihany koa ny tahirin'ny JIRAMA.

Marihana fa hanome asa manodidina ny 1000 isa ihany koa ny tetikasa mandritra ny fananganana azy.

# Projet *Smart Clean Cooking* pour la promotion du Bioéthanol : Vers une consommation plus propre

En marge de l'Assemblée Générale des Actionnaires de l'Africa50, la Banque Africaine de Développement (BAD), le Fonds OPEP et le Gouvernement de Madagascar ont signé le projet *Smart Clean Cooking Project*.


Sous tutelle technique du Ministère de l'Energie et des Hydrocarbures, ce projet a pour objectif principal de promouvoir l'utilisation des méthodes de cuisson propres améliorées à Madagascar en développant les infrastructures et les technologies appropriées et aura un coût total de 35 millions USD, répartis sur quatre points importants, dont les infrastructures, en vue de promouvoir des solutions améliorées de cuisson propre par l'électrification, l'utilisation du bioéthanol, la diffusion de fourneaux et de combustibles améliorés ; l'agroforesterie, pour la mise en place de chaînes de valeur susceptibles d'optimiser la promotion d'une cuisine propre et l'amélioration des moyens de subsistance des communautés locales ; l'autonomisation des communautés, tout particulièrement des femmes en se focalisant sur un programme d'éducation sur les avantages sanitaires et financiers de la cuisine propre ; et enfin la gestion du projet même.

Cette initiative soutient à la fois, le développement de la production du bioéthanol à Madagascar ainsi que sa distribution ; mais aussi, vise la réduction de la déforestation intensive. La mise en œuvre de ce projet sera un grand pas pour l'avenir de la Grande Ile tant sur le plan économique, financier que social.

## Tetikasa *Smart Clean Cooking* amin'ny alalan'ny *Bioéthanol* : Miroso hatrany isika amin'ny fampiasana angovo madio

Araka ny efa nambara dia vita sonia nandritra ny fivoriam-ben'ny Africa50 lasa teo ny fifanaraham-pamatsiambola hisitrahan'ny malagasy ity tetikasa "*Smart Clean Cooking*" ity.

Mitentina 35 tapitrisa dolara ny fitambaran'ny famatsiana, ka ny tanjona amin'izany dia ny fampirisihana ny fampiasana ireo karazana angovo madio amin'ny fandrahoana sakafo isan-tokantrano amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ireo fomba sy teknika tokony ho ampiasaina hahatongavana amin'izany tanjona izany. Ity tetikasa ity ihany koa dia antenaina hampidinana ny tahan'ny fanimbana ala sy hampitomboana ireo mety tombontsoa rehetra ho azo amin'ny fampiasana izany angovo madio izany. Tsy adino ihany koa ny fahaleovan-tena misimisy kokoa ho an'ireo vehivavy amin'ny fampidiram-bola isan-tokantrano fa eo ihany koa ny fahadiovana.




De g. à d. : Alain EBOBISSE, *Directeur Général de l'Africa50* - Khaled AL-ZAYER, *Directeur de l'Afrique de l'Est et du Sud, Opérations du secteur public du Fonds OPEP* - Olivier JEAN BAPTISTE, *Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures* - Kevin KARIUKI, *Vice-Président « Power, Energy, Climate and Green Growth » de la Banque Africaine de Développement*

# La transition énergétique pour un avenir durable




Madagascar ambitionne d'être le leader de la transition énergétique sur le continent africain et prône le partenariat Public Privé pour y arriver. Cette solution a été accueillie avec ferveur lors de l'Assemblée Générale des Actionnaires de l'Africa50. D'ailleurs, les discussions en panel durant cette journée ont tourné autour des solutions de financement ainsi que les options d'utilisation d'autres sources d'énergies comme les combustibles de cuissons propres.

Le défi est de taille pour la Grande Ile qui se doit de relever la compagnie nationale tout en augmentant de manière significative sa capacité énergétique pour soutenir son industrialisation et répondre de facto aux besoins croissants de sa population. Le Changement Climatique étant également au cœur des problèmes mondiaux, Madagascar, tout comme tous les pays d'Afrique, se doit de « se mettre au vert ».

Le Président de la République de Madagascar, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA dans son discours d'ouverture a signifié l'importance de ce partenariat entre le Secteur Privé et le Secteur Public pour accélérer la mise en œuvre des projets afin de réduire le coût et les dépenses en énergies fossiles.

A part l'hydraulique, l'éolien et le solaire, l'utilisation du gaz propre font aussi partie des priorités de Madagascar et porté par le Ministre de l'Environnement et du Développement Durable, Monsieur Max FONTAINE lors des discussions en panel. En Effet, Madagascar est, depuis plusieurs décennies victimes de la déforestation à cause de l'utilisation des charbons de bois comme mode de cuisson car 95 % de la population utilise encore ce combustible. Cette transition contribuera de ce fait à réduire la pollution.

Isan'ny tanjon'ny fitondrana malagasy amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara ny fivadihana amin'ny fampiasana angovo azo havaozina ao anatin'ny fiarovany ny tontolo iainana ao aminy sy entina hiadina amin'ny fiovaovan'ny toetrandro. Noresahana manokana nandritra ny Fivoriam-ben'ny Africa50 farany teo ny tetikady entina hitondrana izany ho an'ny kaontinanta afrikana, ka ny fampiroboroboana ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fanjakana no noresahana.

Notsindrin'Andriamatoa Andry RAJOELINA, Filohan'ny Repoblika an'i Madagagasikara rahateo izany nandritra ny fandraisam-pitenenany tamin'ny lanonam-panokafana.

Ankoatra ny angovo azo avy amin'ny masoandro, ny renirano sy ny rivotra, dia misy ihany koa ny fampiasana ny antsoina hoe « angovo madio » hialàna amin'ny fampiasàna ireo arina fandrehatra izay manimba ny tontolo iainana. Ny Minisitry ny tontolo ainana sy ny fandrosoana lovain-jafy Andriamatoa Max FONTAINE no nitondra tenin'ny Malagasy tamin'izany.